



ATD
QUART MONDE
MADAGASCAR



N°002 - 26 novembre 2013 - e-mail : mada@atd-quartmonde.org

SAVARANONANDO

Betsaka ireo toerana eran'izao tontolo izao, nisy fianakaviana tena sahirana niaina an-taonany maro, no lasa foana tanteraka ary dia foana niaraka tamin'izany koa ny tantaram-piainan'ny olona nonina teo.

Noho ny fahatsapan'i Joseph WRESINSKI mpanorina ny Fikambanana ATD Quart Monde izany, dia nametraka takela-bato teo amin'ny Kianjan'ny Fahafahana sy ny Zon' Olombelona tao Trocadéro Paris izy ny 17 Oktobra 1987.

Vahoaka an'alin-kisa no tonga nanome voninahitra ireo mahanttra maty noho ny fangirifiriana niaretany, ny hanoanana, ny herisetra ary ny tsy fahalalana...

Toy izao no voasokitra ao amin'io takela-bato io:

"Any amin'izay misy olona miaina ao anatin'ny fahantrana lalina dia voahosihosy ny Zon'Olombelona, adidy masina ny mivondrona mba hampanajana izany Zo izany"(Joseph Wresinski)

Nanomboka ny 17 ôktôbra 1987 dia nankalazaina hatrany io daty io ho fanomezam-boninahitra ireo olona rehetra miaina ao anaty fahantrana lalina. Amin'io no mba andraisany fitenenana, ilazany ny hetahetany manoloana ny ho aviny, ny fanantenany sy ny herim-po ananany.

Notapahin'ny Fivondronam-Ben'ny Firenena Mikambana ho Andro Iraism-Pirenena Anafoanana ny Fahantrana io daty io ny taona 1992.

Mila ny fivondronana sy ny firaosankinan'ny rehetra mandavan-taona ny ady amin'ny fahantrana satria adidy masina izany.

RAMANANTSARA Marcelline

FANKALAZANA NY 17 OKTÔBRA 2013

1. Famelabelarana narahina adihevitra teto Antananarivo

Ho fankalazana ny datin'ny 17 ôktôbra, Andro Iraism-pirenena Andavana ny Fahantrana lalina, dia nisy famelabelarana arahina adihevitra nokarakarin'ny Fikambanana ATD Quart Monde sy nanasany ny rehetra ny Alarobia 16 ôktôbra 2013 tolakandro.

"Ny fanabeazana sy ny kolontsaina, fanoitra enti-manafaka amin'ny fahantrana lalina". Io no lohahevitra novelabelarin'ny Solontena Nasionaly. Nantiranteriny tamin'izany fa fitaovana tena ilaina hiadiana amin'ny fahantrana lalina ny fanabeazana sy ny kolontsaina.

Hoy ny renim-pianakaviana iray avy eny Andramiarana: “Mila mandeha any an-tsekoly sy mahazo fanabeaza-na tsara sahaza azy ny ankizy. Raha tsy tanteraka izany dia lasa iharan’ny herisetran’ny fiainana izy ka miafara amin’ny fiterahana aloha loatra. Vokatr’izany dia lasa maro anaka sady samy manana ny rainy ny zaza. Hany ka miaina ao anaty fahantrana lalina toa anay ray aman-dreniny koa izy ireo, ary hampita izany any amin’ny taranany... Ny fiainako sy ny an’ny manodidina ahy hitako maso no naharesy lahatra ahy fa ny fanabeaza-na no vahaolana hahatafavoaka azy ireo amin’ny fiainana...”



Tompon’andraikitra tao amin’ny “centre NRJ” ao Andavamamba no nisolo tena tanora iray nirenireny teny an-tsisdalana raha vao dimy taona monja. Nobeazin’io toby io izy. Be herim-po sy finiavana hatramin’ny kely io zazalahy io. Izy no nikaro-kevitra tamin’izay dingana rehetra nataony hahatafita azy Tompon’andraikitra amina orinasa izy ankehitriny.

2. Fankalazana ny fahafolo taonan’ny tranomboky Fanovozantsoa Joseph Wresinski ao Antohomadinika IIIG Hangar

Folo taona lasa izay no nanorenana ny tranomboky ao Antohomadinika IIIG Hangar. Ny hetahetan’ny mponina vokatry ny fahitany ny zanany namaky



Horonan-tsary mitantara ny fiainan’i Fatimata zanak’olona jamba tany Burkina Faso no nojerena avy eo. “Ny fampirisihana sy ny tsikitsikin’ny ray aman-dreniko nitsena ahy isaky ny avy any am-pianarana, hoy izy, no toa sakafo nahavoky ahy isan’andro, na tsy nihinana aza izahay matetika”. Niezaka mandrakariva izy ka afaka CAP, ary nizara ny fahaizany tamin’ny hafa.

.” Ny famakiam-boky, hoy ny mpitanta-na ny tranomboky, no nanampy ahy tamin’ny fianarana ary nahafantaroko zavatra betsaka”.

Maro ny fanontaniana napetrak’ireo nandray anjara tamin’ny fitenenana.

Fahanginana nandritra ny iray minitra ho fahatsiarovana ireo rehetra maty vokatry ny fahantrana lalina no nama-ranana ny fotoana

Mpiasa avy ao amin’ny Radio Don Bosco no nanentana tao. Nisy mpandika teny koa nahafahan’ireo vahiny niaina iny andro iny. Samy maimaim-poana avokoa izany ka isaorantsika azy ireo.

boky ankalamajana no antony nanorenana azy io. Reharehan’ny mponina ny fisiandy; toerana fibeazana, sehatra ara-kolotsaina ifampizaràna



traikefa sy anovozana hery vao hoentina miatrika ny fainana "... *Lasa ambohimpihaonana ny tranomboky*, hoy ity tanora iray, *toa ohatra ny tsy ampy ny fainana raha tsy miditra ao rehefa mahita azy misokatra*"

Nampiarahina tamin'ny fankalazana ny 17 Oktôbra ny faha-10 taonan'ny tranomboky.

Nanomboka ny faha-5 ka hatramin' ny 19 Oktobra 2013 io fankalazana io:

Fanentanana, fifaninanana tononkalo mikasika ny tranomboky no natao teny amin'ny Kartie.

Hoy ity renim-pianakaviana iray:

"Ny boky no loharanom-pandrosoana. Avy aminy no teraka ny nofinofy sy faniriana lalina hahafanta-javatra sy hahafahana mivelatra amin'ny sehatra maro.

"Ny faniranay amin'ny 10 taona manaraka dia ny hivelaran'ny olona bebe kokoa amin'ny lafiny arakolontsaina, indrindra ireo tena sahirana; hahatonga ny ankizy hampirisika ny ray aman-dreniny hampiditra azy any an-tsekoly. Mbola maro manko ny ankizy tsy mianatra."

Ny 19 Octobra 2013, namaranana ny fankalazana, dia vory marobe teo antokotany malalaky ny SANIFER taloha tao Antohomadinika IIIG Hangar ny olona.



Fijoroana vavolombelona mikasika ny maha-zava-dehibe ny tranomboky, dihy, hira ary tantara an-tsehatra no nataon'ny ankizy sy ny ray amandreny. Notolorana mari-pankasitrhana ny mpitantana ny tranomboky. Avy eo dia nitsidika ny tranomboky ny rehetra.

3. Ny 17 Oktobra tany Toliara

Nizotra tsara koa ny fankalazana ny 17 Oktôbra tany Toliara. Nanao diabe nitanjozotra nankany amin'ny trano fanaovam-pety BASIA, toerana nananova ny famelabelarana ny rehetra. Nilanja sora-baventy naneho ny firaisan-kinany amin'ny ady atao amin'ny fahantrana lalina izy ireo. Ireto avy izany: ny Sekolin'ny Jamba Fiherena, Akany Fanantenana, FKMS, ATD Quart Monde.



Nony tonga tany an-toerana dia nanao ny teny fanokafana Andriamatoa Gaudefroi Tsimihety, Mpirotsaka an-tsitrano ao Toliara.

Famakiana ny tononkalon'i Mompera Josefa ho fanomezam-boninahitra ireo maty vokatry ny fahantrana lalina no nanaraka an'io.

Notsiahivina tao koa ireo matin'ny rivo-mahery Haruna sy ny kere tany atsimo.

Rehefa vita izany dia novakina ny lahatsoratra voasokitra eo amin'ny takela-bato ao Trocadéro Paris.

Namelabelatra mikasika ny rafipampianarana sy ny tetika hiadiana amin'ny tsy rariny ny Mpanolon-tsain'ny Minisitry ny fampianarana. Izany dia narahina fijoroana Vavolom-

belona nataon'ny sasantsasany tamin'ny olona vory teo.



Nanantitrantitra ny solontenam-paritra Atsimo Andrefana tamin'ny teny famaranana nataony fa ady iraisan'ny rehetra ny ady atao amin'ny fahantrana

4. Ny 17 Oktôbra tany Mahajanga

Fiaraha-mitsangatsangana kosa no nentin'ny mpikambana tany Mahajanga nankalaza ny 17 ôktôbra. Ankizy 28 niaraka tamin'ny mpanentana 7 sy solontenan'ny ray aman-dreny iray no nanao dia an-tongotra: "Nandalo teny amin'ny zaridainan'ny cathédrale izahay mba hahafahan'ireo ankizy ireo nilalao teo. Avy eo dia nankany amoron-dranomasina ka niresaka momba ny fanabezana sy kolontaina. Noheverin'ny ankizy fa andoavambola ny fidirana tao amin'ilay zaridaina misy kilalao maro be teo ka ny manan-

karena ihany no afaka mankao, hany ka tsy sahy nandeha tao izy ireo hatrizay.

Dibo-kafaliana izy rehetra nony nilazana fa tsy andoavam-bola io ary afaka miverina milalao ao izy amin'ny manaraka.

Araka izany dia isan'ny kolontaina ihany koa ny fitsangantsanganana fa ahafahana mijery sy mamantatra zava-baovao. Rehefa vita ny fiaraha-midinika kely dia notohizina tamin'ny tantara sy kilalao niarahana. Nofaranana tamin'ny sakafo maivana izany fitsangantsanganana izany.

Daty tsara ho tandidy:

30 Nôvambra 2013 amin'ny 9 ora : Fampahafantarana voalohany mikasika ny Fikambanana eny amin'ny tranon'ny Fikambanana Ambohibao Antananarivo

07 Desambra 2013 amin'ny 2 ora: Fiofanana iombonana momba ny fototra iorenan'ny Fikambanana ho an'ny mpikambana rehetra eny amin'ny tranon'ny Fikambanana Ambohibao Antananarivo

